


VI.- LANJA MIAKATRA

nanan van lanja mialakatra. Lanja mialakatra is
een belangrijke traditie die door de mensen van
het hoge land worden gehouden. De belangrijkste
activiteit is het dansen van de 'lanja' en het spelen van
de 'mialakatra'. De 'lanja' is een ritueel dans waarbij de
dansers in traditionele kleding en met geschilderde gezichten
en kleurrijke kleding dansen. De 'mialakatra' is een ritueel
spel waarbij deelnemers met speciale instrumenten als trommels en
trompetten dansen en zingen. De rituelen duren
meestal tot de ochtend. De belangrijkste doel van
de rituelen is om de goede geesten te vrediggen en om
de natuur en de mensen te respecteren. De rituelen
worden voornamelijk gehouden in de dorpjes en dorpen
van de hoge landen. De rituelen zijn een belangrijke
onderdeel van de cultuur en historie van de hoge landen.

— Lanja — Mialakatra — Dansen van hoge landen — Lanja —
Mialakatra — Rituelen van hoge landen — Lanja — Mialakatra —



Ny bisikilety

Dia tonga ary ny bisikiletan'Inaivo valisoany tamin'ny naha-fahany fanadinana.

Maitso mampirapiratra ny lokony, ary fotsy mampirapiratra kosa ny kodiarany sy ny rayons. Ary fomba tokoa ilay bisikilety : misy frein aloha sy aoriane, misy jiro fotsy sy jiro mena, misy fanairana, ary misy compteur koa aza.

Latsaka kely foana amin'ny bisikiletin'olon-dehibe ny habeny.

Vao tonga dia notaingenan'Inaivo ary nampanenoindy tsy nijanova ny fanairana.

— Tandremo ny fandehanana aminy hoy Idada, aza mivoy mafy loatra sao potraka ka ny bisikilety moa mety simba, ary indrindra ny tenanao mety maratra mafy.

Dia nomen'Inaivo ho taingenako indray nony avy eo. Mahafinaritra ery ny fisosany fa tsy voizina mafy akory dia mandeha. Malefaka dia malefaka ny pédale.

Nijerijery kelikely anay teo Idada dia namonjy ny lahasany. Izahay ankizy kosa variana tamin'ny bisikilety iny tontolo andro iny.

Tsy nety mihitsy izy telo dahy zandriny raha tsy mba nitaingina koa. Izany hoe atao eo amboniny dia hazonina ny bisikilety. Sady lehibe aminy manko, no mbola tsy misy mahay mitaingina izy.

Hazavao : rayons — frein aloha sy aoriane — fanairana — fisosa — pédale — lahasa

Ohabolana : Izay manan-tsira mahay mahandro.



Ny fitotoambary

Nividy fitotoambary ny koperativan'ny mpamboly amin'ny Commune misy ny tanànanay.

— Fitotoambary ahoana moa izany ry Idada ?

Laona marobe ve sa ngezabe, ary fanoto inona ?

— Ozina mihitsy toy ny an'ny kompania. Mba efa nandre hianao ny hoe vary toto milina sy toto tånana. Mahandrasa fa tsy ho ela akory dia hiasa eto amintsika io ozina mitoto vary io.

Roa volana monja tokoa taorian'io niresahanay io, dia voatsangana ny trano lava sady avo. Notaomin'ny kamiô nankao ny kesika vaventy maro karazana.

Iray volana indray dia nilaza ny ben'ny Tanàna fa vita hono ny ozina fitotoambarin'ny koperativa ka hitokana azy ny mpikambana ao. Vitsy foana no mpamboly tsy isan'ny fikambanana.

Injay fa mitefotefoka ny milina manodina azy. Dia samy nahazo nifandimby njery avokoa izahay. Aidina amin'ny lantonoara bevava fotsiny ny akotry an-dasaka be dia be, dia mandehandeha any anaty milina manontolo any. Mba tazana ihany ombieny ombieny ary miova endrika hatrany : maivoka, tsaitainy...

Farany fotsimbary madio mangatsakatsaka no miraraka amin'ny vata. Aidina amin'ny tapaky ny milina ny akotry ary avoakany fotsimbary tena madio any amin'ny tapany anankiray.

Tsy ampy antssak'ora no anovan'ny milina ho fotsimbary ny akotry iray tonina.

Hazavao

: fitotoambary — Commune — kompania — kamiô —
hitokana — mitefotefoka — lantonoara —
ombieny ombieny — maivoka — tsaitainy

Ohabolana :

Toto vary diabolana, manary dia ny akoho.
Toto vary maizina: ao am-bava no misantina ny akotry.



Ny ozina

Tsy maintsy mba mahita an'Antananarivo hianareo amin'ity taona ity, hoy Idada taminay. Efa tany ihany hono izahay, saingy mbola kely tsy nahatsiaro na inona na inona izaho sy Inaivo zokiko.

— Rahoviana no handeha ry Idada ?

— Rehefa vakansy ihany hianareo no afaka handeha, ary Ibeza hampionsika namana roa lahy hokaramaina no hiandry trano sy hitandrina ny zava-belomina... Olona miasa ao aminay, manampy an'Idada Ibeza.

Lehibe Antananarivo, mifanaretsaka ny olona sy ny ôtômôbilina. Mahafanina ny mandeha amin'ny arabe. Ny mitsangatsangana hariva eny amin'ny Gara, na eny amin'ny kianjan'ny Fahaleovantena no tena mahavariana tokoa. Betsaka ny zava-baovao nitarihan'Idada anay hojerena.


Nampitolagaga anay fatratra ny ozina fanaovan-koditra : fandomana hoditra, ary fanaovana kiraro sy valizy.

Betsaka ny mpiasa sy ny milina. Misy manilaka ny hoditra ka mizara azy ho roa, izany hoe hoditr'omby anankiray dia tonga hoditra anankiroa manifinify. Misy milina ngezabe mahazaitra ny faladiankiraro ao anatin'ny minitra roa monja. Misy hafa koa mampitovy ny endriky ny hoditr'omby amin'ny hodi-boay sy ny hodim-bibilava.

Tsara tarehy sady vita faingana dia faingana ny zavatra ataon'ny ozina.

Hazavao : ozina — zava-belomina — mifanaretsaka — Kianjan'ny Fahaleovantena — mampitolagaga — valizy

Ohabolana : Hoditsokatra nilatsahan-kavandra « Asa azy ao ivoho ao ». Maniry hanina an-tenda toa amboa miambozon-koditra.



Ny sinema

Hilaza vaovao hahafaly anareo aho. Efa manomboka ampiampy vola ihany ny koperativantsika. Manaiky hanome vola misimisy koa ny fikambanan'ny raiamandrenin'ny mpianatra.

Nanoratra tamin'ny Lehiben'ny fampianarana koa aho ka namaly ahy izy fa hikarakara antsika ary hanampy antsika amin'ny fanoroana izay tsara.

Gaga izahay ary nifanontany malemilemy hoe : vola hatao inona ? Ary inona izany hoe : « izay tsara ». Nangina fotoana fohy dia nanangan-tanana Ilambo fa izy moa no sahisahy indrindra aminay rehetra.

— Ahoana izay ry Ilambo ? hoy ny npampianatra.

— Vola hatao inona izany ?

— Hividianantsika appareil sinema.

Tsy tananay ny hafalianay satria samy efa mba njery sinema tany an-drenivohitra izahay.

— Sinema sahala amin'ireny andoavam-bola ireny ve ? hoy Ilambo.

— Tsy sinema kilalao akory fa tena izy. Antonona tsara ny sekoly : sady mihetsika no miteny na mihira fa tsy toy io fandefasana sary maizina efa ananantsika io.

Tsy nifandrenesana ny fanontaniana : Rahoviana no ho tonga ? Handoavam-bola koa ve ny fijerena azy ? Misy mifamely totohondry ve... ?

Raha hendry tsara hianareo dia ho azo vetivety, fa raha tsy miasa tsara kosa dia mety maharitraritra ihany satria... Ho hendry sy hianatra tsara izahay, hoy izahay rehetra indray namaly.

Hazavao : sinema — appareil — fikambanan'ny raiamandrenin'ny mpianatra — sary maizina.

Ohabolana : Mason-tsokina, ka izay an'ny tena kely no ahiratra.



Ny sinema (tohiny)

Iny tontolo andro iny, ny ampitso, ny afakampitso, dia ny sinema ihany no resakay.

Lasa ny herinandro, angamba hadinodino fa tsy misy niteny firy intsony. Indraindray misy mahatsiaro hoe : Aiza ihany ilay sinema ? Angamba vazivazin'ny mpampianatra.

Farany dia hadino mihitsy. Tsy nisy nahatsiaro intsony.

Kanjo indray andro, nisy kesika roa lehibe tonga tamin'ny kamiô. Nosokafan'ilay olona nanatitra azy ny kesika, nesoriny ny tao anatiny : ary namboariny : nisy vata napetrany tamin'ny tongony, dia nisy natohiny tamin'ny kofehy lavabe mifono fingotra.

Nakatona ny varavarana rehetra ary notampenana lamba mainty matevina efa nomanin'ny mpampianatra ny mangirana rehetra.

Maizimbe tao andakilasy. Nisy zavatra nophihin'ilay olona anefa dia nandefa fahazavana tery amin'ny rindrina ilay milina. Nisy kodiarana boribory roa napetany ary zavatra hafa nahodiny.

Iny fa tazana tery amin'ny rindrina ny sary sady naneno ny mozika.

Tsy nahatana tsy ho nihoraka izahay ka tsy nijanona raha tsy nampanginin'ny mpampianatra.

Samy efa nahita sinema izahay nefy vitsy no nahita ny milina nandefa azy.

Hay vata kely foana !

Hazavao : kofehy lavabe mifono fingotra — mangirana

Ohabolana : Ombalahy tanimanga ka ny tompony ihany no mitrena.



Ny jiro

Nisakafo izahay indray hariva izay. Nitsilopilopy ny jiro ary maty mihitsy nony farany. Nalaina faingana ilay jiro tany andakozia. Soa ihany fa manana fanaovanjiro anankiroa izahay.

— Hadinonareo ny nanidina solitany, hoy Idada.

— Vao afakomaly io nonofenoiko, hoy Ineny, fa angamba mitete.

Marina tokoa, satria hita nihanaka manodidina ny fanaovanjiro ny solitany.

Hosoloako avokoa izy roa ireo, hoy Idada, fa sady tsy mazava no be setroka.

— Hosoloana inona, Rangahy ? hoy Ineny.

— Fanaovanjiro solitany ihany fa hohitanareo : lalampy ny ho any an-dakozia ary Petromax ny ato an'efitra lehibe.

— Tsy lafobe ve izany, Rangahy ?

— Lafo tokoa, nefo andro tokony handrosoana izao. Sady lafo izireo no mandany solitany mihoatra lavitra noho ireto mitsilopilopy kely ireto. Nefo manome fahazavana mahafapo tsara, sady tsy misy setroka mankarary maso na dia kely akory aza.

Hiadana koa ny ankizy fa ho afaka hianatra amin'ny hariva, Tsy voatery hitangorona eo am-pototry ny lelafo kely, sady tsy hifoka ny setroka mainty avoaky ny lahinjiro.

— Marina izany, hoy ny famalinay rehetra eran'ny trano.

Hazavao : solitany — mihanaka — lalampy — Petromax

Chabolana : Aza manao sabora manify, ka misavika ny lahinjiro.



Ny jiro (tohiny)

Dia azo ireo fanaovanjiro nokasain'Idada hovidina.

Tavoangy manga ny anankiray, ary metaly fotsy mamirapiratra ny faharoa. Samy misy vera avokoa anefa izireo.

Naniry ny ho hariva haingana izahay ankizy; tsy andrinay ny hahita ny hazavan'ireo fanaovanjiro ngezabe ireo.

Narehitr'Idada aloha ilay misy lahiny nony hariva ny andro. Natorony anay tsara ny fomba fandrehetana ilay jiro vaovao : arehitra fotsiny izao, dia atsatoka ny vera, ary ahodina tsimoramora ilay kodiarana kely mampidina na manondrotra ny lelafo. Kendifrena ho antonona tsara ny lelafo, satria raha iva dia tsy mazava, ary raha avo loatra dia mandefa setroka manamainty ny rindrina sy ny atioron'ny olona rehetra ao antrano. Faly izahay nahita ny fahazavana.


Noraisin'Idada indray ilay fanaovanjiro faharoa. Nisy kitapo kely nalainy avy ao anaty valonan-taratasy ary nahantony tamin'ny karazan'andry kely tamin'ny fanaovanjiro. Nahodiny koa ny karazan-tsarona boribory eo amin'ny vatan'ny fanaovanjiro, dia nopompiny, ary dia narehiny ny solitany nivoaka avy ao. Nazava tsikelikely ilay kitapo, ary vetivety dia namirapiratra tsy laitra nojerena, fa nahajambena. Nazava toy ny antoandrobe eran'ny trano, ary nisosososo moramora ny fanaovanjiro.

Indray niara-niteny nisaotra an'Idada izahay.

Zavatsoa tokoa ny fandrosoana!

Hazavao : metaly — vera — lahiny — jambena — fandrosoana

Ohabolana : Toko tapaka, vilany mitongilana, izay tsy mety arenina.



Ny mobilety

Efa mahay mitaingina bisikilety daholo izahay, satria izahay rehetra tokoa no tompon'ny an'Inaivo novidin'Idada ho azy, fony izy afa-panadinana.

— Tsy ampy anareo intsony ny bisikilety anankiray rankizy. Hampanamboariko ilay ahy efa tranainy tsy taingenako intsony. Asaiko soloan'ny mpanamboatra izay piesy rehetra simba na tonta, mba hahavao azy indray. Dia bisikilety roa no ho anareo ary izaho hividy mobilety.

Vita vaovao tokoa ilay bisikilety antitra ary tonga koa ilay mobilety. Mitovitovy amin'ny bisikilety ihany ny mobilety saingy vaventiventy kokoa ny kodiarany ary be fombafombany.

— Taingeno hoe ry Idada mba hojerenay.

Nohitsahiny indray mandeha monja ny pédale dia naneno nepararetra ary nirioratra. Niverina Idada nony nahalasa lavidavitra dia nijanona. Mora foana, hoy Idada ny mitaingina ity. Ahodina ny poignée izay mameatra ny hafainganany.

Nisalasala Inaivo, nefà nitaingina dia nanao ny natoron'Idada. Lasa tokoa Inaivo. Niverina izy dia nijanona. Mora ihany tokoa ry Idada.

Hazavao : mobilety — tranainy — piesy — fombafomba — pédale — poignée

Ohabolana : Ny soa fianatra.



Mandefa diska

Nanana fônô efa ela ihany izahay, miaraka amin'ny diska maromaro. Ahodina aloha ny fônô, vao apetraka ny diska. Isaky ny diska iray, dia tsy maintsy fahanana ilay fônô.

Vao nividy elektrôfôna mandeha amin'ny pile Idada. Tsy mba fahanana io, fa rehefa lany ny pile vao soloana. Maharitra ela ihany vao misolo. Ary nividy diska koa izy, maivana sady maharitra ela vao tapitra. Misy diska henoina mandritry ny antsasak'ora maninjitra.

Mianatra teny anglisy hono Inaivo any amin'ny sekoliny. Nilaza tamin'Idada fa te-hikezaka mafy mba hahay tsara io tenim-pirenena io izy, ka hididianana diska.

— Diska inona izany ?

— Diska andrenesana tsara ny fanonona marina ny teny rehetra. Satria tsy mitovy fanonona amin'ny teny frantsay na ny teny malagasy manko ny teny hafa.

Dia nividy ary Idada rehefa nila hevitra tamin'ny mpampianatra an'Inaivo.

Nihaino ny diska izahay rehetra, ka variana fa tsy nahazo na dia teny iray aza.

Inaivo anefa niseho ho nanaraka tamin-pitandremana fatratra.

— Lafo mihitsy no nividianako ireo diska ireo, ka raha tsy mahay hianao dia faty antoka be ho antsika.

Hazavao : fônô — grafôfôna — diska — elektrôfôna

Ohabolana : Manaova tifi-danitra, ka fara-faharatsiny tendrombohitra.



Ny mpanao jiro

Asa izay nahazo ilay fanaovanjironay fa nihintsana foana teo ilay kitapo kely mamirapiratra. Misy fiandry ato an-trano, ka vetivety no nanoloan'Idada azy.

— Niteny Inaivo hoe : « Tsara ity jirontsika ity, mazava tsara — fa mbola tsara kokoa ny jiro elektrika. Tsy misy manahirana na dia kely aza. Poa toy izay dia mirehitra; poa toy izay koa dia maty — Poa toy izay koa no anoloana ny simba. Motinjavatra toy ny pensilhazo no atosika miakatra na midina, dia maty na mirehitra. Ahodina kely foana no fomba fanalana ny ampoule maty; ahodina koa dia mipetraka ny vaovao. »

— Ka nahoana no tsy izany no vidintsika ? hoy Izanany.

— Eny amin'ny tanàn-dehibe ihany no mbola misy, satria eny ihany no vao misy ozina manome ny hery, zarazarain'ny tariby isan-trano.

Dia hoy Idada hoe : Mihevitra ny hanao ozina maro sy matanjaka manerana ny Nosy ny fanjakana, izay afaka hizara ny jiro elektrika hatrety ambanivohitra.

Misy milina kely manome hery elektrika azon'ny olona tsirairay vidina na dia lafolafo ihany aza. Azo atao ny mampiasa azy mandrapiandry ny jiro zaraina. Misy koa ahodin'ny rivotra, mila fahavarana ny kojakojan'io.

Hazavao : Kitapo kely — fiandry — motin-javatra — tariby — kojakoja

Ohabolana : Nahoana no homa-maizina manan-jiro ?.

80



Tany amin'ny pôsitra

Matetika miaraka amin'Idada mankeny Alakamisy izahay telo mirahalahy lehibe amin'ny fotoana tsy fianarana.

Tao amin'ny biraon'ny Ben'ny Tanana izahay indray mandeha dia niteny tampoka Idada : « Tokony halefa any amin'ny positra ity taratasy ho an-dRalambo ity mandra-piandry. »

Dadatoanay manao raharaha any Antananarivo Ralambo.

— Iza no ho any amin'ny pôsitra, hoy Idada ?

— Izaho, hoy aho.

— Ndao ary. Ity ny taratasy, Ataovy rekomande.

Efa niaraka tamin'Inaivo nandefa rekomande aho. Nanahy aho teny an-dalana satria tsy tsaroako tsara ny fanaovana rekomande.

Nomeko ny mpiasa ny taratasy.

— Rekomande, hoy aho.

— Aiza ny taratasy manga ?

— Iny ihany no nomen'Idada ahy.

Nijery ahy ny mpiasa, sady nihomehy nanao hoe : « tsy mahay mandefa rekomande ise, nefä tsy maninona fa hataoko ».

Nanoratra kelikely izy dia natolotro azy ny vola dimy amby enimpolo francs nangatahiny. Ndeha hivoaka aho, nefä nantsoiny hoe : « Fa ity rosian'ise angaha havela » ? Nomeny ahy ny taratasy manga.

Tsy nanana ilay taratasy manga aho ka izany angamba no nanomezany ahy, ary faly ery aho mba nanolotra azy an'Idada.

Hazavao : Dadatoa — rekomande

Ohabolana : Izay ela nihetezana lava volo.



Miresaka telefôna

Teo am-piandrasana tao amin'ny biraon'ny ben'ny tanàna
indrindra izahay.

Nisy toy ny famohamandry nikiririna tampoka. Samy taitra
izahay hafatsy ny mpiasa tao no tsy nihontsina.

Nandray ny telefôna ilay mpiasa ary nanohoka azy teo an-tsosiny.

— Allô... Eto amin'ny biraon'ny Commune ity...

— Tsy eto ny Ben'ny Tanàna fa nanao fitsidiham-paritany any
Ambohibao...

— Tsy fantatro Tompoko. Ny mpitan-tsortrata ity...

— Tsy eto koa ny Lefitra voalohany...

— Dia ho lazaiko azy Tompoko, ary eny fa mandray an-tsoratra
aho : nomerao 34 Antsirabe...

— Veloma Tompoko.

Gaga dia gaga aho. Efa nohazavain'ny mpampianatra anay ny
telefôna, nefá izay aho vao nahita akaiky olona miresaka. Ohatry
ny miteny irery ny fihevitra azy. Ary tsy fantatra marina izay
lazainy.

Hazavao : Famohamandry — tsy mihontsina — mpitantsoratra —
lefitra — mandray an-tsoratra — nomerao 34 Antsirabe

Chabolana : Ny teny toy ny atody, raha foy manana elatra.